# 8 NY MPANORATRA SY NY ASA SORATRA

## TANJONA

Mamantatra ny amin'ny mpanoratra sy ny asa sorany.

## VONTOATIM-PAHALALANA

Ny mpanoratra Esther RASOLOARIMALALA RANDRIAMAMONJY dia nanoratra ho an'ny sokajin'olona maro toy ny :

- angano sy tantara ho an'ny ankizy madinika,
- tantara foronina ho an'ny tanora sy ny olon-dehibe,
- tantara tsangana (théatre).

Ny mpanoratra Clarisse RATSIFANDRIAMANANA dia nanoratra tara-kevitra novoiziny tamin'ny fanoherana ny tsy rariny, fanavakavahana, tsy fitovian-jo; sady nanoratra tonokalo izy no nanoratra tantara foronina sy sombin-tantara ary tantara an-tsehatra na andampihazo.

## Sahanasa 1

Manasa anao hijery ny boky nosoratan'i Esther RASOLOARIMALALA RANDRIAMAMONJY mitondra ny lohateny hoe : « NY SODIN'I SOLOFO » ka manaova tatitra ny vaky boky hitarafana ny hevi-dehibe asongadin'ny mpanoratra.

## Sahanasa 2

Manasa anao hijery ny boky nosoratan'i Clarisse RATSIFANDRIAMANANA mitondra ny lohateny hoe : « LAVAKOMBARIKA» ka manaova tatitra ny vaky boky hitarafana ny hevi-dehibe asongadin'ny mpanoratra.